171 - Jeso, Mpanjaka malaza

Clé DO

C F
1. Jeso, Mpanjaka malaza,
G C
No Tompo Mpanjakanay;
C F
Mahery sy tsara indrindra,
G C
Ka Izy no aronay.
C Am G
Mendrika hankalazaina
Am D7 G
Noho ny heriny;
C F
Eran-tany sy lanitra koa
G C
Ny zo aman-dazany.

C Dm
Ry Tompo Mpanjaka mahery ô !
G C
Mihainoa ! Mihainoa !
C Dm
Avy manaiky tokoa 'zahay
C/E F
Fa Tompon'ny hery rehetra Hianao,
D7 G E Am
Tsy misy mihitsy ny toa Anao,
G C
Tsy tratry ny saina ny herinao;
C G C
Ny fiderana 'zay entinay, Raiso re ! Raiso re !
C G7 C
Ny haja atolotra Anao ety, Raiso izao !

2. Tompo, Mpandahatra hendry,
Mpanao izao rehetra izao
Ny zara sy tendry ataony
Dia tsara sy mahasoa;
Mendrika ny hoderaina
Ny fandaharany;
Atolory ho Azy ny saotra,
Fa izy tadrinfin'io :
Ry Tompo Mpanjaka mahery ô ! sns...

3. Tompo, Mpanjaka Tsitoha,
Kanefa be indrafo;

Deraina eram-po erantsaina,
Deraina mandrakizay ;
He ! Ny mpanompo voavonjy
Samy mihoby hoe :
"Haleloia ho amin’ny Avo,
Fa Jeso no Tomponay "
Ry Tompo Mpanjaka mahery ô ! sns...